## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*Koa atolotro ho an'i Jehovah kosa izy: eny, amin'ny andro rehetra hiainany dia voatolotra ho an'i Jehovah izy. Dia nivavaka tamin'i Jehovah izy.*
***I Samoela 1 : 28***

### Basket U18 - Lovasoa sy Donovan Ankoay

# Lasa niofana any New York Etazonia



*Lovasoa sy Donovan niaraka tamin-dRamatoa Claire Pierangelo Masoivoho Amerikana eto amintsika.*

Andriantsarafara Lovasoa sy Rakotonanahary Donovan dia mpilalao basikety Malagasy U18 ao amin'ny Ankoay, anisan'ireo namira- tra tamin'ny lalao Afrobasket U18 natao teto Madagasikara tamin'ity taona 2022 ary nikoizan-dRamatoa Claire Pierangelo Ambasadaoro Amerikana eto Madagasikara ankehitriny, ny fahafehezan'izy ireo ny teny Anglisy raha nitafa nivantana taminy izy ireo noho ry zareo mpikambana ao amin'ny English Club Jr. NBA Madagascar sy More Than Basketball. Nanainga oma- ly alarobia 28 septambra 2022 teto Madagasikara, ka handeha hanohy fianarana ao amin'ny "Redemption Christian Academy" any New York izy mirahalahy ireto. Ny Jr.NBA Madagascar sy ny Fédéra- tion Malagasy de Basket Ball, no namolavola sy nikarakata azy mirahalahy ireto hiroso amin'ny dingana ambony kokoa toa izao, ahafahany mamiratra hatrany amin'ny maha-mpilalao ny taranja bas- ket-ball azy ireo.

**Rainilita**

### Beach Soccer "Tamaga Dôla Ampasika"

# Tontosa ny andiany voalohany Dépôt



*Mpandresy tamin'ny Tamaga Dôla Ampasika andiany 1.*

Tontosa tao amin'ny torapasik'i Toamasina tamin' ny alahady 25 septambra 2022, ny famaranana tournoi Beach Soccer « Tamaga Dôla Ampasika » andiany voalohany, natomboka tamin'ny alakamisy 22 septambra 2022 lasa teo. Tafavoaka ho mpandresy tamin'izany teo amin'ny « Tournoi National » ny ekipan'i Toamasina I, nandresy ny ekipan'i Brickaville tamin' ny isa 6 - 4. Teo amin'ny « Tournoi Regional » kosa ny S.D.I Dépôt nandresy ny Top Plaisir. Marihana fa i Coach Solofo (mpanazatra ny Barea Beach Soccer) no tompo-marika voalohany tamin'ny hetsika, ka niara-niasa tamin' ny kaominina Toamasina I, ny Faritra Atsinanana, ny SPAT, SMMC, HITA, STAR, Andriamatoa Tale iraisam-paritra ny tontolo IAINANA, ary ireo nanampy maro samihafa. Nisongadina ny fahitana an'ireo mpilalao avy amin' ny Barea Beach Soccer (MELDA, FLAVIEN, DEL, MAMY, DIN ) tao amin'ny ekipan'i Toamasina I. Toy izao ny vokatra tamin'ny ankapobeny azo : "Tounoi regional" Champion : S.D.I Dépôt, Vice Champion : Top Plaisir. « Tournoi National » (Toamasina, Morondava, Mahajanga, Soanirena-Ivongo, Brickaville, Vatomandry). Champion : Toamasina I, Vice Champion : Brickaville, Meilleur joueur : Razafimandimby Ymelda (Toamasina I), Meilleur buteur : Enediel Régis dit Del (6 buts) Toamasina I, Meilleur gardien : Fiadana Mario Gomez (Brickaville).

**Rainilita**

### Lalao "Maroc Capitale du Football africain"

# Nandresy ny Ecureuils Benin 3 – 1 ny Barea



*Ny Barea tany Maroc.*

Lavon'ny Barea Malagasy tamin'ny isa 3 noho 1 ny Ecureuils Beninois tamin' ny lalao baolina kitra fanindroany natrehan'i Madagasikara, tamin'ny lalao ara-pirahalahiana baolina kitra : "Maroc capitale du football africain" natao tany amin'ny kianja « Stade El Bachir Mohammedia » any Maroc, tamin'ny talata 27 septambra 2022 lasa teo. I Tsiry teo amin' ny minitra faha-12, i Julio Donisa teo amin'ny minitra faha-61 ary Rayan Raveloson teo amin'ny minitra faha-82 no nampiditra an'ireo baolina matin'ny Barea.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



**Akoho gasy rony** indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana sakamalao amin'izany rony izany. Dia mazotoa homana tompoko.

### NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ambalaomby any amin'ny distrikan'Anosibe An'Ala faritra Alaotra Mangoro

Tao aorian'ny fampahafantarana ireo tanàna amin'ireo kaominina any amin'ny distrikan'Andilamena, ireo tanàna amin'ny kaominina miisa 9 any amin'ny distrikan'Anosibe An'Ala faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany ny tanànan' Ambalaomby any amin'ny distrikan'Anosibe An'Ala. Renivohitry ny kaominina Ambalaomby ity tanàna, iray amin'ireo kaominina miisa 9 any amin'ny distrikan'Anosibe An'Ala. Vokatra any ny vary, ny akondro.



### Fifanintsanana CAN U23

# Mbola lavon'ny Barea 7 – 1 indray i Seychelles

Mbola lavon'ny Barea U23 7 – 1 indray ny Seychellois U23, tamin'ny lalao miverin'ny fifanintsanana dingana voalohany hahazoana miatrika ny CAN Maroc U23 amin'ny taona 2023, lalao natao tetsy Mahamasina tamin'ny talata 27 setambra 2022 teo. I Lalane (7'), El Hadari (11') sy (83'), Arnaud (18') sy (66'), CSC (54') ary i Claude (85'), no nahafaty an'ireo baolina 7 tafiditry ny Barea tanora Malagasy. Tafakatra any amin'ny dingana faharoa amin'ity fifanintsanana ity izany ny Barea U23, ka fantatra fa hihaona amin'ny ekipan'ny Panthères du GABON amin'ny faha-23 – 31 ôktôbra 2022 ho avy izao.

**Rainilita**



*Ny Pirates Seychellois sy ny Barea Malagasy tanora tetsy Mahamasina.*